**Ry governemanta malagasy, ampy izay ny tsy fanarahan-dalàna miverimberina momban'ny fahatarana amin'ny fametrahana ny volavolan-dalàna mahakasika ny tetibola**

Araky ny voasoratra ao amin'ny andiany faha -11 ao amin'ny Lalàmpanorenana, ny olompirenena dia « Manan-jo hahalala ny vaovao." Noho izany zo fototra izany, ny firaisamonim-pirenena izay misehatra eo anivon'ny fampanjakana ny tany tan-dalàna sy ny fangaharaharan'ny fitatanam-bolam-panjakana, dia mitaky ny famoahana malaky ny antok'hevitra mahakasik'izany Manolohana izany indrindra dia mampatsiahy ny andiany faha-46 mahakasika ny Volavolan-dalàna mifehy ny tetibola (LOLF) izahay, izay manambara fa ny « *Volavolan-dalàna mifehy ny tetibola ny taona ho avy, voakasik'izany ihany koa ireo tovana izay voalazan'ny andiany faha*-44*, dia tokony voapetraka sy voaparitaka mialohan'ny 30 oktobra ny taona izay hitsahana* ». Mbola miverina hatrany anefa ny fahatarana, koa manaitra ny rehetra izahay firaisamom-pirenena manoloana an'izao tsy fampiaharana ny lalàna miverimberina izao.

Mankasitraka ny ezaka rehetra ataon'ny Ministeran'ny Toe-karena sy ny Fitatanam-bola amin'ny fampahafantarana sy fampahalalam-baovao isan-karazany izay ataony izahay.Mampatsiahy anefa fa fifanankalozana sy fifampidinahana hiarahan'ireo mpiantsehatra rehetra no tena zava-dehibe hoentina manatsara ny adihevitra ka mba ho teti-bola hamaly ny filan'ny olompirenena marina no ho laniana sy ho ampiharina ka hisian'ny fanmpandrosoana ara-drariny sy mirindra. Izany zary atao ho fomba mihitsy fifanankalozan-kevitra sy fifampidinihana.

Ny firaisamonim-pirenena dia manaitra hatrany fa:

- Mila mitady vahaolana maharitra ahafahany mametraka ara-potoana ny PLF ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny governemanta mba hisorohana ny fifandirana miverimberina eo amin'ny mpisehatra rehetra;
- Tena zava-dehibe ny fandraisan'anajaran'ireo tompon'andraikitra eo anivon'ny ministera isan-tsokajiny mandritra ireo adihevitra karakarain'ny firaisamonim-pirenena mahakasika ny Lalàna mifehy ny Tetibola satria manan-danja sy hampisy fiantraikany lehibe eo amin'ny fiainan'ny olompirenena tsirairay izany.

**Hajao ny lalàna**

**Omeo fotoana handinihana ireo solombavambahoaka**

**Aok'izay ny fandaniana maikamaika ny lalàna**

**Tsy misy fandaniana tsy ialohavan'ny adihevitra**

**MBA HISY FIANTRAIKANY AMIN'NY FIAINAN'NY OLOMPIRENENA ISAKY NY ARIARY MIVOAKA**